



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-154EX

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA
NY TALATA 3 AOGOSITRA 2021 KA HATRAMIN'NY ZOMA 13 AOGOSITRA 2021**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alarobia 4 Aogositra 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alarobia 4 Aogositra 2021, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana novolavolaina tany amin'ny Diniky ny Filoha.

Nitohy ny Alarobia 4 Aogositra 2021, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny Diniky ny Filoha.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly Lefitra no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakin'izany;

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY ALAROBIA 4 AOGOSITRA 2021

Nivory ny Alarobia 4 Aogositra 2021 nanomboka tamin'ny 9 ora sy 45 minitra, maraina, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Fiarahabana ny mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana.

Nambarany fa manan-tsafidy na eto amin'ny Antenimierampirenena na eny amin'ny Antenimierandoholona ny Governemanta amin'izay toerana hametrahany voalohany ireo volavolan-dalàna hodinihana eto anivon'ny Parlemanta.

Fantatra fa ny:

- «Projet de loi n°013/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Energétique et d'Information routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 Mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)»;

- «Projet de loi n°014/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Projet de Transformation Economique pour la Croissance Inclusive (PIC-3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» dia ny Antenimierandoholona no handinika azy ireo voalohany.

Ireto volavolan-dalàna telo manaraka ireto kosa:

- «Projet de loi n°012/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement»;

- «Projet de loi n°015/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet Durable du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»;

- «Projet de loi portant création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégique ou FMISS», no hiasantsika mialoha eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, novakiana ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Talata 3 Aogositra 2021 tamin'ny 3 ora, tolak'andro.

Naroso ny adihevitra, ka nandritra izany no nanapahana fa azo atao "hybride", izany hoe sady "présentielle" no "virtuelle" ny asam-baomiera.

Talohan'ny fandaniana ny volavolam-pandaharam-potoana dia nankasitraka sy nisaotra ireo Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, tamin'ireo fanambarana samihafa nataon'izy ireo izay manameloka ny fikasan-dratsy hifoho ny ain'ny Filohan'ny Repoblika.

Taorian'izay, natao ny fifidianana ka toy izao ny fandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents», ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mardi 03 Août 2021** au **Vendredi 13 Août 2021**

MARDI 03 AOUT 2021

11H 00: **OUVERTURE DE LA DEUXIEME SESSION EXTRAORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE - (VIRTUELLE)**

15H 00 : **Réunion des membres du Bureau Permanent.- (VIRTUELLE)**

MERCREDI 04 AOUT 2021

09H 30 : **Conférence des Présidents- (VIRTUELLE)**

10H 45 : **SEANCE PLENIERE - (VIRTUELLE)**

-Adoption de l'ordre du jour

JEUDI 05 AOUT 2021

TRAVAUX DES COMMISSIONS - Mode Hybride (*PRESENTIELLE: Salle BP/AN-Tsimbazaza et VIRTUELLE*)

09H 00: **-Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)**
-Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)
-Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière (Saisie pour avis)
-Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises (Saisie pour avis)

-Projet de loi n° 012/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'appui à l'industrialisation et au secteur financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement.

-Projet de loi n°015/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet Durable du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

15H 00 : **-Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)**
-Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)
-Commission d'Evaluation des Politiques Publiques (Saisie pour avis)

-Projet de loi portant création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégique ou FMISS.

VENDREDI 06 AOUT 2021
SEANCES PLENIERES - (VIRTUELLE)

10H 00: - Projet de loi n°012/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'appui à l'industrialisation et au secteur financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement.

- Projet de loi n°015/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet Durable du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

15H 00: - Projet de loi portant création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégique ou FMISS.

LUNDI 09 AOUT 2021

TRAVAUX DES COMMISSIONS - Mode Hybride (*PRESENTIELLE: Salle BP/AN-Tsimbazaza et VIRTUELLE*)

09H 00: -**Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)**
-**Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)**
-**Commission de l'Energie et de l'Eau (Saisie pour avis)**

-Projet de loi n°013/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement de la phase 2 du projet d'amélioration de l'accès énergétique et d'infrastructures routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-énergie), conclu le 04 mars 2021 entre la République de Madagascar et les Fonds de l'OPEP pour le développement International (OFID).

-Projet de loi n°014/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement du Projet de Transformation Economique pour la Croissance (PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

MARDI 10 AOUT 2021
SEANCES PLENIERES - (VIRTUELLE)

10H 00: - Projet de loi n°013/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement de la phase 2 du projet d'amélioration de l'accès énergétique et d'infrastructures routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-énergie), conclu le 04 mars 2021 entre la République de Madagascar et les Fonds de l'OPEP pour le développement International (OFID).

-Projet de loi n°014/2021 du 28 Juillet 2021 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement du Projet de transformation économique pour la croissance (PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

MERCREDI 11 AOUT 2021 au VENDREDI 13 AOUT 2021

EVENTUELLEMENT 2^{ème} Lecture

VENDREDI 13 AOUT 2021

11H 00: CLOTURE DE LA DEUXIEME SESSION EXTRAORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE - (VIRTUELLE)

Rehafa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny famintinana ny Diniky ny Filoha, Ramatoa Filoha dia nanome fitenenana ny Solombavambahoaka raha toa misy manan-kambara momba ny volavolan-pandaharam-potoana vao novakiana teo.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nanamarika fa mbola tsy misy laharana ny «projet de loi portant création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégiques ou FMISS»; inona no anton'izay.

Rehefa izany, nangataka an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, Ramatoa Filoha, mba hamaly izay fanamarihana nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore teo izay.

Namaly Andriamatoa RANDRIAMAHAJANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, fa mbola tsy tonga ny laharan'io volavolan-dalàna io, fa miandry anio tolak'andro.

Rehefa izany, nanomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenen'ny Governemanta raha manan-kolazaina mikasika izay.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa YAMICOLE Franckline, solotenen'ny Governemanta, nambarany fa mbola miandry «Conseil du Gouvernement» ity volavolan-dalàna ity vao mahazo laharana.

Taorian'izay, mbola nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Niangavy ny handefasana ny «documents» rehetra amin'ny alalan'ny «mail», Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, mba hahafahana mandinika azy sy hiasana haingana.

Raha nomena fitenenana fanindroany, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nambarany fa ao anatin'ny "Décret de convocation" ity volavolan-dalàna ity ary asa mafonja no miandry antsika momba azy; noho izany, tsy tokony hasiana adihevitra ny fananany laharana na tsia.

Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN kosa raha nomena fitenenana dia nangataka ny mpanatanteraka mba hanazava amin'ny Solombavambahoaka ny antony tsy nanomezan'izy ireo laharana ity volavolan-dalàna iray ity.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy misy maharatsy ny fanaovana "échange de formation" raha izay no resahana; kanefa efa voafehy ao anaty Didim-panjakana miantso ny fivoriana ataontsika izany, ka sady tsy ampiana no tsy analana.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 45 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Talata 3 Aogositra 2021 ka hatramin'ny Zoma 13 Aogositra 2021.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ny Alakamisy 5 Aogositra 2021 amin'ny 9 ora, maraina dia hisy ny Asam-baomiera handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement»;

- ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet Durable du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»;

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa ny asam-baomiera handinika ny volavolan-dalàna mikasika ny «création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégiques ou FMISS».

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona